TSINDRIO KOA ETO



www.madagate.org

DINIKA HO FANAVOTAM-PIRENENA

FANAMBARANA FAHAROA
PANORAMA 18 IOGOSITRA 2016

FAHAVONONANA ATOLOTRA NY MPONINA SY NY FAHEFAM-PANJAKANA MANERAN-TANY,
INDRINDRA INDRINDRA NY OLOMPIRENENA SY NY FITONDRAM-PANJAKAN'I REPOBLIKA MALAGASY

Fifanarahana sy fanapahan-kevitra voadinika ialina ny nananganana ny hetsiky ny « Dinika ho fanavotam-pirenena ». Olom-pirenena tia tanindrazana, mpiasa isan-tsokajiny, mpiserasera mitaky fahalalahana ary kristiana tsara sitrapo maro no nanangana azy.

Mitombo Isan'andro ireo olompirenena avy amin'ny lafivalo ny nosy manatona sy manatevina ity hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena » ity.

Nahatoky ny mpitondra azy ny vahoaka Malagasy. Nekeny sy najeiny ny fahefana napetraka. Nanantena filainana milamina, fitantanané milaro ny zony, fahefahana sy fahalalahana azo antoka ny olompirenena isan-tokan-trano.

Tsoron'ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena » anefa fa ny milanohitra amin'izany no mitranga sy lainan'ny isam-batan'olona ankehitriny. Mitombo-kevitra amin'ireo rehetra mitsikera sy mitaky fanovana sy fiovana ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena ». Mizarabaka sy manohana tanteraka ireo fanamarihana sy fanambarana navoakan'ny "Fivondronambein'ny Eveka eto Madagaskara" ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena ».

Tsy mitsaha-mitombo ny elanelana eo amin'ny fari-piainan'ny tompom-pahefana sy ny vahoaka tsy mandady harona. Mikorosy fahana Isan'andro ny filainan'ny olom-pirenena isan-tokatrano. Rava tanteraka ny fiarian-karenany. Voahoshosy ny fiandrianam-pirenena sy ny soa toavina fototra. Tsy azo antoka ny fiarovana ny « fandriampahaleman'ny maha olona » (sécurité humaine).

Ao anaty ny "tsialovana" tanteraka ny fanaovana politika eto amin'ny firenena. Etsy an-daniny manararaotra ny fahefany hanangonan-karena ny tompom-pahefana. Etsy an-kilany mipaneo politika sasantsasany manohitra miafy nefa efa voaporofo fa "tsy fahefana sy tsy harena". Ny toerana miny azy no samifaha fa ny fijery sy ny toetra ary ny fiosa tsy miky valaka.

Mitaky "fahefam-panjakana" mirary hina, matanjaka, mifamatotra sy atokisany ary miaro azy ny vahoaka Malagasy. "Fahefam-panjakana" manome fahalalahana sy mitandro ny fitoviana ary ny firaisan-kinam-pirenena no tsy maintsy hajoro. Handray an-tanana ny ho aviny tanteraka ny vahoaka malagasy.

"Hifampitafa" ny malagasy samy tompon-draharaha. "Hidinika" ny samy olompirenena. Fomba Malagasy ny mifampidinika rehefa misy toe-draharaha mila sy tokony halamina. Ho "dinika hanavotam-pirenena" izany.

Ambaran'ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena » fa tanjona hotratrarina ny hananan'ny ankizy isairaray, ny tanora, ny vehivavy ary ny lehilahy fiainarana azo antoka, asa mari-toerana, trano fonenana, fandriam-pahaleman'a, footoan-dronono ampy, fiaiam-boly ary fiainana mendrika.

Halavirintsika ny mpitondra fehefana efa zatra ny 'lalan-diririnina", tia kely, mpisandoka, ny "ataon'ny tanany hafa amin'ny lazain'ny voromy". Isika miseradia no hatahana manamafy sy manatsara ny tolona iarahana. Fiarahana manaja sy mandala ny maha antsika antsika, sahy sy vonona hanova ny fiainana.



pnapahan-kevitra henitira, voadinika ialina ary nifanarahana ny hiroso any amin'ny "Dinika ho fanavotam-irenena". Mitaky toetra feno fahaalianà sy fahavononana izany. Eo am-panomanana sy fikarakarana izany nkehitriny ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena ».

sy olompirenena tsy an-kanavaka no "tompon-draharaha sy tompon'ny fanatanterahana" ny ho aviny (Maître l'oeuvre et maître d'ouvrage). Iny no hany "mpanefy sy fitaova"n'ny fiainany (artisan et instrument). "Dinika ho anavotam-pirenena" ifandrombonan'ny Malagasy rehetra no lokaloka ifantoan'ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho anavotam-pirenena ».

iroso amin'ny "dinika ho fanavotam-pirenena" isika. Maneo antso avo noho izany ny hetsika ho amin'ny « Dinika o fanavotam-pirenena »:

- Mitaona ny olompirenena Malagasy isan-tokatrano hanandratra avo ny toetra sy ny kolotsaina manohitra ny tsy rariny ary hiroso indray hananjaria ny ho aviny,
- Miantso ny vahoaka Malagasy hanao rodobe sy iray hina hidinika handrafitra " fijery vaovao sy fandaminana vaovao" ho antoky ny taranany,
- Misarika antsika Malagasy samy manana ny andralkiny sy ny asany avy, tia tanindrazana sy tsara sitrapo hanao ny ainy tsy ho zavatra handray anjara amin'ny "dinika ho fanavotam-pirenena" ho avy tsy ho ela,
- Manaingo ny antoko sy fikambanana politika isan-tsokajiny, ny fiarahamonim-pirenena isan-karazany, ireo nomem-pahefana isan'ambaratonga. Ny fikambanam-pinoana sy ny mpino tsy ankanevaka, Ny Ray amandreny, ny olombe, ny loanaka, ny ampanjaka, ny olo-manga, ny tantsaha, ny manam-pahaizana, ny tanora, ny vehivavy hanatona sy hifarimbona aminay hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena » hamolevola sy hampanjary ny "dinika ho fanavotam-pirenena".

faniry ialina ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena » ny:

- Handalan'ny fahefam-panjakana an-kitsipo sy tsy hanao volo manoa-randrana izao kihon-dalana finidin'ny fiarahamonina sy ny tantara izao.
- Hanohanan'ireo vahoaka sy fanjakan' ny firenen-kafa izao safidy ny vahoaka Malagasy handray an-tanana ny ho aviny izao mba hitandrovany ny fiandrianam-pirenenany sy ny sootoavina Malagasy.

Rafitra vaovao sy olona vaovao tsara sitrapo hanavotra ny firenena"

ntananarivo faha, 18 aogositra 2016

Amin'ny anaran'ny hetsika ho amin'ny « Dinika ho fanavotam-pirenena »
Ny Foibe mpandrindra

www.madagate.org

www.madagate.org
DINIKA HO FANAVOTAM-PIRENENA
Rafitra vaovao sy olona tsara sitrapo hanavotra ny firenena
DINIKA HO
FANAVOTAM-PIRENENA

www.madagate.org

www.madagate.org